



Le trésor caché du lac Alaotra

Ilay harena miafina ao
amin'ny farihin'Alaotra

Conte pour enfants écrit et illustré par *Catherine Rhiat*
Angano ho an'ny ankizy nosoratan'i Catherine Rhiat

Traduction : *Hubert Tsilavina Fanomezantsoa*
Nandika amin'ny teny malagasy : *Hubert Tsilavina Fanomezantsoa*

Septembre 2017




Association pour la Sauvegarde des Lémuriens de Madagascar



<https://www.aslm-lemuriens.org>

Jonah habitait dans une grande ville de Madagascar.

Durant les vacances, il se rendait avec ses parents dans sa famille, près du lac Alaotra.



Nipetraka tany an-tanan-dehibe teto Madagasikara i Jonah sy ny ray aman-dreniny.

Mandritry ny fotoam-pialan-tsasatra dia, tian'izy ireo ny mamangy ny fianakaviany any akaikin'ny farihin'Alaotra.

**Jonah attendait toujours
ces moments car
il aimait aller
au lac avec
son cousin Toky pour
observer la nature.**

**Ils fabriquaient
de petits bateaux
qu'ils faisaient naviguer
sur l'eau.**



**Fotoana tena andrasan'i Jonah tokoa io satria
ahafahany mijery zavaboahary any amin'ny farihy miaraka amin'i Toky.
Manamboatra lakana kely
holalaoviny eo ambony rano izy ireo.**

Un jour, alors qu'ils allaient au lac, ils ont vu de grandes flammes.



**Indray andro, raha nandeha teny amin'ilay farihy izy ireo,
dia nahita ity afo be mivatravatra.**

**Toky lui a expliqué que
pour circuler plus facilement
sur le lac
et
pour cultiver le riz,
les gens brûlaient
les roseaux et les papyrus.**



**Nazavain'i Toky taminy ary fa mba hanamorana ny fivezivezena
eny amin'ilay farihy sy mba ahafahan'ny olona mamboly vary,
dia dorany ireny zetra sy hisatra ireny.**

**Jonah était triste de voir un tel spectacle,
de voir s'envoler en fumée son aire de jeu favorite.
Alors qu'il s'approchait des flammes, il a entendu une voix qui criait :
« *Au secours... je suis prisonnier des flammes... venez me délivrer...* »**



**Nalahelo tokoa i Jonah raha nahita ity trangan-javatra ity,
dia ny fahitany ity toeram-pilalaovana tena tiany kila forehitrin'ny afo.
Rehefa niha-nanatona ity afo izy dia nahare feo manao hoe :
« *Vonjeo... Gadra ato anaty afo... Ampio aho...* »**

Il a demandé à Toky s'il entendait quelque chose mais Toky lui a répondu que non.

**Jonah entendait toujours
cette petite voix et
sans attendre,
il s'est élancé
dans sa direction.**



**Nanontaniany i Toky
raha maheno feo saingy nilaza izy fa tsy mandre.
Maheno io feo io foana anefa i Jonah, ka tsy nisalasala izy fa lasa
avy hatrany niazakazaka nankany amin'ilay feo.**

**Il s'est approché
des flammes et
a enlevé son tee-shirt.**

**Il l'a trempé dans l'eau
et
avec son tee-shirt mouillé,
il éteignait les flammes.**

Il progressait rapidement.



**Nanatona ny lelafo izy, nesoriny ny akanjo amboniny.
Miaraka amin'ity akanjo lena no nahavitany namono ilay afo
ary niha haingana hatrany.**



**C'est alors qu'il a vu
un bandro, ce petit lémurien
qui vivait sur le lac.**

**Jonah a redoublé d'efforts
et est arrivé rapidement
jusqu'à lui.**

**Il l'a soulevé
et l'a serré
dans ses bras.**

**Teo izy no nahita ity bandro, varika kely mipetraka eo amoron'ity farihy.
Niezaka indroa avy heny izy
ary vetivety dia tonga teny amin'ilay varika.
Notrotroiny teny amin'ny sandriny ilay varika avy eo.**

Le bandro avait les poils roussis.

**Il était exténué mais
il a réussi
à murmurer à Jonah
que sa famille était en danger
et qu'il fallait la sauver.**



Manomboka may ny volon'ilay Bandro.

**Efa tena reraka ilay bandro fa mbola afaka nibitsika tamin'i Jonah hoe :
"mbola maro izahay no mila vonjy ato anaty zetra main'ny afo".**



**Jonah a crié à Toky :
*"J'ai sauvé un bandro !
 D'autres sont en danger...
 Va vite chercher de l'aide
 au village !"***

**Toky est parti en courant au village
 tandis que le bandro guidait Jonah.**

Niantso an'i Toky i Jonah nanao taminy hoe : *"Nanavotra bandro aho iray... Ny sasany mbola tandindomin-doza... Mandehana haingana miantso vonjy any an-tanàna !"*

Niazakazaka niverina tany an-tanàna i Toky fa i Jonah kosa niangavy an'ilay bandro kely mba hitari-dalana azy.

**Les villageois, des Sihanaka ("ceux qui errent dans les marais"),
sont arrivés rapidement.**

L'union faisant la force, ils ont réussi à éteindre le feu.



**Nalaky tonga ny iray tanàna, ireo sihanaka
("ireo izay mirenireny eny amin'ny zetra")
ny firaisan-kina no hery ka niara-namono ilay afo izy ireo.**

**Le bandro a désigné à Jonah un endroit où l'on pouvait voir un nid.
Jonah s'est approché et a vu dans ce nid la famille du petit bandro.
Elle était terrorisée.**



**Nanoro toerana iray
misy ny akanin'izy ireo tamin'i Jonah ilay bandro.
Nanatona ilay toerana i Jonah ka nahita ny fianakavian'ilay bandro
izay tao anatin'ny horohoro tanteraka.**

**La famille du bandro courageux
a été sauvée
grâce à Jonah
qui a bravé le danger
et
grâce aux villageois
qui l'ont aidé.**

**Le bandro
les a tous remerciés.**



**Avotra ny fianakavian'ilay bandro izay nanam-piniavana noho i Jonah nanala
azy ireo tamin'ny loza sy ireo mponina nanampy azy.
Nisaotra azy ireo ilay bandro.**



**Il a murmuré à l'oreille de
Jonah le secret que lui
contaient ses ancêtres :**

***"Le monde est très grand
mais les bandros
ne vivent qu'à Madagascar,
sur le lac Alaotra.***

***Les bandros sont
le trésor caché du lac Alaotra".***

Ary nobitsihany tao an-tsofin'i Jonah ilay tsiambaratelo nolazain-drazambeny azy ireo :

***"Maventy tokoa izao Tontolo izao, fa ny bandro kosa dia tsy hita
afa tsy eto Madagasikara, eny amin'ny farihan'Alaotra.***

Ny bandro no harena miafin'io farihy io ".

**Jonah a été touché
par cette confidence.**

**Il a compris qu'il était urgent que
les malgaches cessent d'allumer
des feux sur les bords du lac et
qu'ils protègent les bandros.**



**Tonga saina tamin'io tsiambaratelo io i Jonah.
Tsapany fa ilaina haingana ny fanatsaharana ny fandoroana ala manodidina
io farihy io ka mila araha-maso akaiky ireo bandro.**

Il l'a expliqué aux villageois et leur a fait comprendre que si rien n'était fait, les bandros disparaîtraient du lac Alaotra et de la Terre entière.



Nazavainy tamin'ireo mponina ireo sady nambarany koa fa raha tsy mitsahatra io dia, ho ringana tsy hisy eny amin'ny farihin'i Alaotra sy izao tontolo izao ireo bandro.

**Les villageois ont décidé
d'interdire
les feux de roseaux et
de protéger les bandros.**



**Tapa-kevitra ary ny vahoaka fa hiaro ireo bandro sy hanohitra
ny fandorana ny zetra.**



**Jonah leur a suggéré aussi de faire
découvrir
le lac Alaotra et ses bandros
aux malgaches des autres régions
et aux étrangers.**

**L'écotourisme autour du
lac Alaotra était né.**

**Nanoro hevitra azy ireo i Jonah ny hisarihana ny malagasy avy any amin'ny faritra hafa
sy ireo vahiny amin'ny fitsidihana ny farihy sy ireo bandro.**

**Teo amoron'io renirano io no teraka ny atao hoe,
fizahantany miaro ny tontolo iainana.**

Depuis, les villageois constatent que des touristes viennent du monde entier pour voir ces animaux uniques au monde.

Et grâce aux bandros, ils vivent mieux.



Nanomboka teo dia tsikaritr'ireo mponina fa mahasarika vahiny maro ny fitsidihana io faritra io noho ireo biby tsy hita raha tsy ao amin'ny faritr'Alaotra. Noho ireo bandro dia mivoatra ny fiainan'ny mponina.

En plus de l'hôtel et des restaurants, les touristes consomment des produits locaux et ils achètent des cadeaux fabriqués par les villageois.



**Ankoatran'ny trano fivantanana sy ny sakafo dia mividy sy manjifa
ny vokatra vita eo an toerana ireo mpizaha-tany**

**Un piroguier les emmène voir les bandros
et un guide leur explique le mode de vie de ces petits lémuriens.**



**Mampidi-bola ho an'ireo mpitondra lakana ny fitondrana vahiny mijery ireo bandro,
toy izany koa ny mpitari-dalana izay manazava ny mombamomba
ireo varika amin'ireo mpizaha-tany ireo.**



**Quant à Jonah,
il consacre sa vie
aux bandros et
à tous les lémuriens.**

**Il a créé
avec d'autres
scientifiques
une association :
le GERP *
pour protéger
les lémuriens et
leur habitat.**



*** GERP : Groupe d'Etude et de Recherche sur les Primates de Madagascar**

**Ny amin'i Jonah kosa dia nanolotra tanteraka ny fiainany ho
an'ny bandro sy ireo varika rehetra hafa.**

**Mba hiarovana ireo varika sy ny fonenan'izy ireo, dia nanangana fikambanana
miaraka amin'ny mpikaroka maromaro izay antsoina hoe : GERP ***



© C. RHIAT

Depuis, Jonah parcourt le monde. Il sensibilise en déclarant que les touristes ne viennent pas à Madagascar pour voir des lémuriens morts et des forêts vides... mais pour voir les lémuriens qui vivent dans la forêt.

Avec des personnes de l'île et du monde entier, il protège les lémuriens, la forêt et la biodiversité malgache dans son ensemble, les trésors verts de l'île rouge.



Nanomboka teo ary dia fanta-daza maneran-tany i Jonah : "Tsy tonga hijery varika maty na ala foana eto Madagasikara ny mpizahatany !". Sady manentana ny mponina eto amin'ny Nosy sy manerana izao tontolo izao mba hiaro. Ny varika sy ny zavaboahary samihafa izay harena maitson'ity Nosy mena.

La protection de la biodiversité de Madagascar pour les générations futures passe par la connaissance.

***Ny fiarovana ny zavaboaharin'i Madagasikara ho an'ny taranaka
amam-para dia tsy maintsy mandalo amin'ny fampahafantarana.***



Catherine Rhiat

**Auteure et présidente de l'association
Mpanoratra sy filohan'ny fikambanana**



Association pour la Sauvegarde des Lémuriens de Madagascar

<https://www.aslm-lemuriens.org>

**A travers ce conte, j'ai souhaité honorer le travail réalisé par
Ity angano ity dia nataoko ho fanomezam-boninahitra an'i**

Jonah Ratsimbazafy

**Primatologue, Membre fondateur et Président du GERP
Primatologue, Mpikambana mpanorina sy filohan'ny GERP**



G Groupe

R d'Etude et

E de Recherche

P sur les Primates
de Madagascar

**pour le documentaire "le trésor caché du lac Alaotra" &
pour son soutien et les précieux conseils qu'il m'a prodigués**

Il a pour objectif de veiller à la sauvegarde des lémuriens et de leur habitat.

***amin'ny fanadihadihana « Ny harena miafin'ny farihin'Alaotra",
sy ireo torohevitra sarobidy izay natolony ho ahy.***

Izay manana ny tanjona ny hanara-maso ny fiarovana ireo varika sy ny fonenany

Les lémuriens sont des animaux uniques au monde, ils n'existent qu'à Madagascar.

Ils sont en train de disparaître et il est urgent d'agir pour les sauver.

***Ny varika dia biby tsy manapa-haroa eto amin'izao tontolo izao, eto Madagasikara ihany no misy azy
ireo. Hanjavona izy ireo ary ilaina ny fandraisana andraikitra haingana mba hamonjena azy ireo.***